

**13 jiona 2010.  
Le 1 Tamouz 5770.**

### **Mpiara-miasa amin'Andriamanitra isika (1Kor.3:9)**

Ary inona moa ny finoana? Fanekena tanteraka fa Jesosy Kristy maty mba ho sorona ho antsika; natao ozona; nandray ho eo Aminy ny fahotàn-tsika ary nomeny antsika ny fahamarinany. Noho izany dia nisaina ho antsika io fahamarinan'i Kristy io; mahatoky an'io isika ary izy no fahamarinan-tsika. Mpamonjy antsika Izy, hataony izany satria efa noteneniny. Moa tokony hiady hevitra ny momba ny fomba namonjeny antsika ve isika? Hananan-tsika ao anatintsika ao ve ny fahatsaram-panahy hahatonga lafatra antsika sy hanadio amin'ny fanalotoan'ny fahotàna ka hahafahana miseho tsy misy tsiny eo anatrehan'Andriamanitra? Tsy manana fahafahana hanao izany tsotra izao isika.

Tsy fantatrao ve fa raha nanantona an'i Jesosy ilay tovolahy mpanan-karena, nanontany izay tokony hataony hahazoana ny fiainana mandrakizay dia namaly azy Kristy fa tokony hitandrina ny didy rehetra izy. Ary namaly ilay tovolahy mpanan-karena : "Efa nitandrina izany rehetra izany aho" kanefa tian'ny Tompo raha ampihariny eo aminy io lesona io. "Inona no mbola tsy ampy eo amiko?" (Matio 19:20) Tsy azony fa misy toe-javatra izay mahakasika azy manokana ary nahoana izy no tsy mahazo ny fiainana mandrakizay. "Efa nitandrina izany rehetra izany aho" hoy izy. Ankehitriny dia mikasika ny fahalemeny i Kristy. Hoy Izy: " Avia, araho Aho ary dia hanana ny fiainana ianao". Inona no nataon'ilay zatovolahy? Lasa nandeha tamin'alahelo izy satria nanana harena be.

Kanefa , tsy dia hoe tena nitandrina ny didy akory izy. Tokony nanaiky an'i Jesosy Kristy ho mpamonjy azy izy ary hahazo ny fahamarinany. Ka tamin'ny fananana ny fahamarinan'i Kristy no nahafahany nitandrina ny lalàna rehetra. Ilay mpanao lalàna tanora dia tsy afaka manao tsinontsinona ny lalàna. Adidiny no manaja izany, adidiny ny mitia izany. Aimn'izay dia hatolotr'i Kristy azy ny hery avy any an-danitra hampiraisina amin'ny ezak'olombelona. Nasehony fa ny lalàna izay nolazain'i Satàna fa tsy azo tandremana mihitsy dia azo hajaina. Nisalotra ny maha-olona i Kristy ka tonga teto amin'ny tontolon-tsika mba haneho ny laingan'i Satàna. Noraisiny teo Aminy ny maha-olona mba hanaporofa fa raha miaraka ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olona dia azon'ny olombelona atao ny mitandrina ny lalàn'i Jehovah. Raha sarahinao amin'ny maha-olona ny maha-Andriamanitra, afaka miasa amin'ny fahamarinanao manokana ianao, manomboka izao hatramin'ny fiverenan'i Kristy, dia tsy hahazo zavatra hafa afa-tsy, tsy fahombiazana ianao.

Noho ny finoana velona amin'ny alalan'ny fivavahana mafàna sy miankina amin'ny fahamendrehan'i Kristy dia hatafy antsika ny fahamarinany ary voavonjy isika. " Marina izany hoy ny sasany, voavonjy isika ary tsy misy n'inon'inona hatao intsony. Raha ny marina dia voavonjy aho ka tsy misy ilàna ny hitandremana ny lalàn'Andriamanitra. Voavonjin'ny fahamarinan'i Kristy aho." Raha manambara ampahasahiana isika fa rava ny lalàna fa efa vitan'i Kristy ny zavatra rehetra dia famonoan-tena satria mpandika lalàna toy ny hafa rehetra ianao. Arak'izany dia mila io finoana io isika. Kanefa ho voavonjy amin'ny fahakamoana ve ny olona ? Afaka vonjena amin'ny tsy fanaovana n'inon'inona ve izy? Na oviana na oviana! Tokony ho mpiara-miasa amin'i Kristy izy. Tsy mahavonjy tena izy. Mpiara-miasa amin'Andriamanitra isika (1Kor.3:9) Ny lanitra manontolo dia eo amperin'asa mba hanarenana ny taranak'olombelona amin'ny fanapotehan'ny fahotàna. Misokatra ho an'ny mponin'ny tany ny varavaran'ny lanitra. Nirahina hanompo eo amin'ireo handova famonjena ny anjely marobe "Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony." Fil.2:13

Ary io finoana miasa io no ilainao. Ahoana no fomba fiasany? Miasa amin-pitiavana izy. Fitiavana inona? Dia tsy inona ilay fitiavana niboiboika teo amin'ny hazo fijaliana. Mijoro eo anelanelan'ny tany sy ny lanitra izy ary ny famonjena dia azo eo ampijerena io hazo fijaliana io. Neken'ny Ray izany ary na ny tafiky ny anjely aza dia nijery akaiky teo ary niondrika Andriamanitra nanaiky io sorona io. Afa-po ny fitakian'ny lanitra, azo atao izao ny famonjena ny olona ao amin'i Jesosy Kristy raha toa ka mino Azy izy. Voavitram-pihavanana tamin'Andriamanitra ny olona ary ny olona tamin'Andriamanitra, noho ny sorona feno sy tanteraka ary ampy.

Kanefa ry rahalahy, te hanam-pinoana ; te hanandratra ny fanahin-tsika amin'ny finoanaisika; maniry isika raha ny isaky ny indray mandingana dia amin-pinoana. "Mihaona ny famindram-po sy ny fahamarinana; Mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana. (Salamo 85:11) Ankehitriny raha mahita tara-pahazavàna isika dia te hanaraka izany. Manohitra izany tsy miato ny devoly. Nanome oha-pinoana miasa amin'ny fitiavana teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy. Ny fitavana ny fanahiko no nasehony. Maty ho ahy Kristy.

Navotany tamin'ny vidiny tsy voafetra aho ka nanafaka ny ota teo anatrehan'Andriamanitra. Tsy maintsy mandray ny ziogany eo amiko aho. Tokony hitondra ny ziozan'i Kristy aho. Tokony hoentiko ny entany. Tokony hampianatra ny hafa aho ny fomba hiarenana avy teo amin'ny fanamelohana izay nitoerako taloha ho amin'ny fandraisana amin'ny alalan'ny finoana velona ny fahamarinana ao amin'i Jesosy Kristy. Io no hany fomba tokana hahavoavonjy ny mpanota.

Ellen G. White *La Foi qui oeuvre* page 31 - 32

